FANAMBARANA OFISIALY

# TSY AZO EKENA NY FISAMBORANA SY FANAGADRANA TSY ARA-DRARINY IREO TANTSAHA MIJORO SY MIARO NY TANINY ATO BAS MANGOKY

Nanomboka ny taona 2023 dia nisy hatrany ny olana mahakasika ny fizarana tany Izay tsy ara-drariny ataon'ny Comité d'Attribution de Terres (CAT) ao anatin'ilay Projet PII. Tetikasa fanajariana tany nambolena mangahazo, kabaro ary katsaka, ka havadika ho tanimbary izy io. Marihina fa vatsian'ny BAD (Banque Africaine de Développement) vola ity tetikasa ity izay manana velarana 5000ha.

Mbola mitohy hatrany ny fisamborana sy fanagadrana tsy ara-drariny mahazo ireo tantsaha miaro ny zony sy ny taniny, indrindra nanomboka ny volana Janoary ka hatramin'ny volana Mey 2026, izay nahitana kisambosambotra misesisesy.

Amin'izao fotoana izao :

misy olona iray voatazon'ny Zandary ;

misy olona iray voatazon'ny Polisy ;

ary misy olona 19 efa voatazona am-ponja.

Marihina fa misy amin'ireo fisamborana ireo no tsy manara-dalàna satria notanterahina tamin'ny efatra maraina, fotoana mampametra-panontaniana ny fanajana ny fomba fanao ara-pitsarana sy ny zon'olombelona fototra.

Anisan'ireo voakasik'izany :

**Ramatoa Eligneso Berthine, Filoha Lefitry ny Fikambanana Volirano Tsy Miambany Firaisankina** Nosamborin'ny mpitandro filaminama anio 09 May 2026 tao atranony Fokontany Tongarahamba, kominy Ambanivohitry Ambahikily , district Morombe tamin'iny 04 ora Maraina izy satria Notorian' andriamatoa Rody fa nagalatra tany na nandrava Tany hono.

**ary ireo mpikambana 19 avy ao** Marotaky ka ny vesatra iampangana azy ireo dia lazaina fa namaky tranon'olona(nangalatra )

Tsiahivina fa efa niezaka nitady vahaolana am-pilaminana ireo tantsaha sy ny solontenany tamin'ny alalan'ny fangatahana fihaonana tamin'ny Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblikan'i Madagasikara nandritra ny fandalovany teto Toliara tamin'ny hetsika Festival Tsapiky. Tsy tontosa anefa izany noho ny fahitana fa tena voafetra ny fotoana nananany, ka tsy anomezana tsiny azy amin'izany.

Taorian'izay dia mbola niezaka nihaona tamin'ireo tompon'andraiki-panjakana eto an-toerana ihany koa izy ireo, toy ny teo anivon'ny Faritra sy ny Préfecture. Hatramin'izao anefa dia mbola tsy nahazo valiny mazava na fihaonana ofisialy izy ireo, noho ireo antony maro samihafa.

Marihina ihany koa fa voahitsakitsaka amin'izao toe-javatra izao ny zo fototra ananan'ny olom-pirenena, indrindra :

ny zo haneho hevitra am-pilaminana ;

ny zo hiaro ny fananantany sy ny harena iainany ;



Scanné avec CamScanner

ny zo hahazo fitsarana ara-drariny ;

ary ny zo tsy hosamborina amin'ny fomba tsy manara-dalàna sy mampihorohoro.

Noho izany dia :

Mangataka ny hamoahana tsy misy fepetra ireo tantsaha voasambotra ;

Miantso ny fanjakana foibe sy ireo tompon'andraikitra mahefa ato amin'ny Faritra Atsimo-Andrefana mba hampitsahatra avy hatrany ireo fisamborana sy fanagadrana tsy ara-drariny misy ato amin'ny lemaky Bas Mangoky ;

Mangataka ny hanajana ny zon'ireo tantsaha sy ny fahalalahan'izy ireo maneho hevitra ampilaminana ;

Miantso fandaminana sy vahaolana milamina momba ny olan-tany ato Bas Mangoky.

Ny rariny, ny fahamarinana ary ny fanajana ny zon'olombelona no fototry ny filaminana maharitra.

Natao teto Ambahikily, ny 09 Mey 2026

Fikambanana Volirano Tsy Miambany Firaisankina (FIVoTMF)

Firaisankinan'ny Fiherenana Manombo Mangoky (FIFIMAMA)

FIKAMBANANA VOLIRANO TSY MIAMBANY FIRAISANKINA

Scanné avec CamScanner